

**PERIKOPA ALAHADY 10 Novambra 2024**  
**(Péricope du Dimanche 10 Novembre 2024)**

**Salamo / Psaume 16**  
**1 Mpanjaka / 1 Rois 17 : 10 - 16**  
**Hebreo / Hébreux 9 : 24 - 28**  
**Marka / Marc 12 : 38 - 44**

**« Dia tahaka izany koa Kristy, rehefa natolotra indray mandeha hitondra ny otan'ny maro dia hiseho fanindroany, tsy amin'ota, fa ho famonjena kosa amin'izay miandry Azy. »**

**Hebreo 9.28**

*« De même, Christ s'est offert une seule fois pour porter les péchés de beaucoup d'hommes, puis il apparaîtra une seconde fois, sans rapport avec le péché, à ceux qui l'attendent pour leur salut. »*

**Hébreux 9.28**

**SALAMO 16 (MRV)**

1 Arovy aho, Andriamanitra ô, fa mialoka Aminao.  
2 Hoy aho amin'NY TOMPO: Tompoko lanao, tsy misy soa ananako azo oharina Aminao!  
3 Ho an'ny olona masina ambonin'ny tany sy ireo olona tsara laza ny fankasitrahako rehetra.  
4 Ho be ny fahorian'izay manova an'Andriamanitra hatakalony ny hafa, tsy mba handraraka ny ra aidiny ho fanatitra aho ary tsy mba hotononin'ny molotro ny anarany.  
5 NY TOMPO no anjara lovako sy kapoakako; lanao no mampaharitra ny anjarako.  
6 Ny voafaritra ho anjarako dia eo amin'ny tany mahafinaritra; eny, lova tsara tarehy ho ahy izany.  
7 Hisaotra NY TOMPO izay manolotsaina ahy aho; na amin'ny alina aza dia mananatra ahy ny foko.  
8 Ataoko eo anatrehako mandrakariva NY TOMPO; rehefa eo ankavanako lzy dia tsy mangozohozo aho.  
9 Izany no ifalian'ny foko sy iravoravoan'ny fanahiko; eny, na ny nofoko aza dia mitoetra tsy manana ahiahy.  
10 Fa tsy ho foinao ho any amin'ny fitoeran'ny maty ny aiko, tsy hamela ny matoky anao ho latsaka ao an-davaka lanao,  
11 hampahafantatra ahy ny lalan'ny fiainana lanao. Eny, fahavokisam-pifaliana no eo anatrehanao ary fahafinaretana no ho eo amin'ny tananao ankavanana mandrakizay.

**PSAUME 16 (S21)**

1 Garde-moi, ô Dieu, car je cherche refuge en toi!  
2 Je dis à l'Éternel: «Tu es mon Seigneur, tu es mon bien suprême.»  
3 Les saints qui sont dans le pays, les hommes pieux, sont l'objet de toute mon affection.  
4 On multiplie les idoles, on court après les dieux étrangers, mais moi, je ne verse pas d'offrandes de sang en leur honneur, je ne mets pas leur nom sur mes lèvres.  
5 Éternel, c'est toi qui es ma part et la coupe où je bois, c'est toi qui m'assures mon lot.  
6 Un héritage délicieux m'est attribué, une belle possession m'est accordée.  
7 Je bénis l'Éternel, car il me conseille; même la nuit mon cœur m'instruit.  
8 J'ai constamment l'Éternel devant moi; quand il est à ma droite, je ne suis pas ébranlé.  
9 C'est pourquoi mon cœur est dans la joie, et mon esprit dans l'allégresse. Même mon corps reposera en sécurité,  
10 car tu n'abandonneras pas mon âme au séjour des morts, tu ne permettras pas que ton bien-aimé connaisse la décomposition.  
11 Tu me fais connaître le sentier de la vie; il y a d'abondantes joies dans ta présence, un bonheur éternel à ta droite.

**1 MPANJAKA 17 : 10 - 16 (MRV)**

10 Dia niainga izy ka nankany Zarefata. Nony teo am-bavahadin'ny tanàna izy dia indro nisy vehivavy mpitondratena nanangona kitay hazo teo. Niantso azy i Elia ka niteny hoe: Miangavy anao aho, mba itondray rano kely amin'ny siny aho mba hosotroiko.  
11 Nony lasa haka izany Ravehivavy dia niantso azy indray i Elia hoe: Miangavy anao aho, mba itondray mofa kely eny an-tananao koa aho.  
12 Hoy anefa Ravehivavy: Raha velona koa NY TOMPO Andriamanitrao, tsy manana mofa na dia iray akory aza aho, fa koba kely eran'ny tanana an'ila ao amin'ny siny kely sy diloilo kely foana ao amin'ny tavoara; ary, e! Maka tapa-kitay roa aho izao ary hiditra hanamboatra ireo hohaninay mianaka dia ho faty izahay.  
13 Hoy i Elia taminy: Aza matahotra, fa andeha miditra ka manaova araka izany lazainao izany. Nefa anaovy mofa kely ihany aho aloha dia ento etỳ amiko, fa avy eo vao manaova ho anao sy ny zanakao indray.

14 Fa izao no lazain'NY TOMPO, Andriamanitra ny Israely: Tsy ho lany ny koba ao amin'ny siny kely ary tsy ho ritra ny diloilo ao amin'ny tavoara, mandra-pahatongan'ny andro handatsahan'NY TOMPO ranonorana amin'ny tany.

15 Dia nandeha Ravehivavy ka nanatanteraka ny tenin'i Elia, ary izy sy Ravehivavy mbamin'ny ankohonany dia nanan-kohanina elaela ihany.

16 Tsy lany ny koba tao amin'ny siny kely ary tsy ritra ny diloilo tao amin'ny tavoara, araka ny tenin'NY TOMPO izay nampilazainy an'i Elia.

### **1 Rois 17 : 10 - 16 (S21)**

*10 Il se leva et partit à Sarepta. En arrivant à l'entrée de la ville, il y vit une femme veuve en train de ramasser du bois. Il l'appela et dit: «Je t'en prie, va me chercher un peu d'eau dans une cruche, afin que je boive.»*

*11 Et elle alla en chercher. Il l'appela de nouveau et dit: «Je t'en prie, apporte-moi un morceau de pain dans ta main.»*

*12 Et elle répondit: «L'Eternel, ton Dieu, est vivant! Je n'ai rien de cuit, je n'ai qu'une poignée de farine dans un pot et un peu d'huile dans une cruche. Je suis en train de ramasser deux morceaux de bois, puis je rentrerai et je préparerai cela pour mon fils et pour moi. Nous le mangerons, après quoi nous mourrons.»*

*13 Elie lui dit: «N'aie pas peur, rentre et fais comme tu l'as dit. Seulement, prépare-moi d'abord avec cela un petit gâteau et apporte-le-moi. Ensuite, tu en feras pour ton fils et pour toi.*

*14 En effet, voici ce que dit l'Eternel, le Dieu d'Israël: 'La farine qui est dans le pot ne manquera pas et l'huile qui est dans la cruche ne diminuera pas, jusqu'au jour où l'Eternel fera tomber de la pluie sur le pays.'»*

*15 Elle partit et se conforma à la parole d'Elie. Et pendant longtemps elle eut de quoi manger, ainsi que sa famille et Elie.*

*16 La farine qui était dans le pot ne manqua pas et l'huile qui était dans la cruche ne diminua pas, conformément à la parole que l'Eternel avait prononcée par l'intermédiaire d'Elie.*

### **HEBREU 9 : 24 - 28 (MRV)**

24 Fa Kristy tsy mba niditra tao amin'izay fitoerana masina nataon-tanana, izay tandindon'ny tena fitoerana masina, fa mankany an-danitra mihitsy; ary ankehitriny Izy dia miseho eo anatrehan'Andriamanitra ho antsika;

25 ary tsy niditra Izy mba hanolotra ny tenany matetika, tahaka ny Mpisoronabe miditra ao amin'ny fitoerana masina isan-taona mitondra ny ran'ny zavatra hafa;

26 fa raha izany dia tsy maintsy ho nijaly matetika Izy hatrizay nanaovana izao tontolo izao; fa ankehitriny dia efa naseho indray mandeha tamin'izao andro farany izao Izy mba hanafaka ny ota tamin'ny nanolorany ny tenany.

27 Ary tahaka ny nanendrena ny olona ho faty indray mandeha, koa rehefa afaka izany dia hisy fitsarana,

28 dia tahaka izany koa Kristy, rehefa natolotra indray mandeha hitondra ny otan'ny maro dia hiseho fanindroany, tsy amin'ota, fa ho famonjena kosa amin'izay miandry Azy.

### **HÉBREUX 9 : 24 - 28 (S21)**

*24 En effet, Christ n'est pas entré dans un sanctuaire fait par la main de l'homme, dans une simple copie du véritable, mais il est entré dans le ciel même afin de se présenter maintenant pour nous devant Dieu.*

*25 Et ce n'est pas pour s'offrir lui-même plusieurs fois qu'il y est entré, comme le grand-prêtre qui entre chaque année dans le sanctuaire pour offrir un autre sang que le sien;*

*26 si tel avait été le cas, il aurait dû souffrir plusieurs fois depuis la création du monde. Mais maintenant, à la fin des temps, il s'est révélé une seule fois pour abolir le péché par son sacrifice.*

*27 Il est réservé aux êtres humains de mourir une seule fois, après quoi vient le jugement.*

*28 De même, Christ s'est offert une seule fois pour porter les péchés de beaucoup d'hommes, puis il apparaîtra une seconde fois, sans rapport avec le péché, à ceux qui l'attendent pour leur salut.*

### **MARKA 12 : 38 - 44 (MRV)**

38 Ary hoy Izy tamin'ny fampianarany: Mitandrema ianareo ny amin'ny mpanoradalàna izay mazoto mandehandeha manao akanjo lava sy te hoarahabain'ny olona eny an-tsena

39 ary tia ny fipetrahana eny anoloana ao amin'ny sinagoga sy ny fitoerana eny anoloana any amin'ny fanasana

40 ary mandany ny tranon'ny mpitondratena ka manao vavaka lavareny mba ho fisehoana ivelany. Ireo dia hahazo fanamelohana mafimafy kokoa.

41 Ary raha nipetraka tandrifin'ny fandatsahan-drakitra Jesosy dia nandinika ny fandatsaky ny vahoaka vola tao Izy. Maro ny mpanankarena nandatsaka be tao.

42 Fa nisy mpitondratena mahantra iray kosa tonga teo ka nandatsaka lepta roa na kaodiranta iray izany.

43 Ary Jesosy niantso ny mpianany hanatona Azy ka niteny taminy hoe: Lazaiko aminareo marina tokoa fa io mpitondratena mahantra io dia nandatsaka be noho izay rehetra nandatsaka tao amin'ny fandatsahan-drakitra;

44 fa ireo rehetra ireo dia tamin'ny haben'ny fananany no nandatsahany tao; fa izy kosa dia tamin'ny tsy fananany no nandatsahany izay rehetra teo am-pelatanany, dia ny fivelomany rehetra.

#### **MARC 12 : 38 - 44 (S21)**

*38 Il leur disait dans son enseignement: «Attention aux spécialistes de la loi qui aiment se promener en longues robes et être salués sur les places publiques!*

*39 Ils recherchent les sièges d'honneur dans les synagogues et les meilleures places dans les festins;*

*40 ils dépouillent les veuves de leurs biens tout en faisant pour l'apparence de longues prières. Ils seront jugés plus sévèrement.»*

*41 Jésus était assis vis-à-vis du tronc et regardait comment la foule y mettait de l'argent. De nombreux riches mettaient beaucoup.*

*42 Une pauvre veuve vint aussi; elle y mit deux petites pièces, une toute petite somme.*

*43 Alors Jésus appela ses disciples et leur dit: «Je vous le dis en vérité, cette pauvre veuve a donné plus que tous ceux qui ont mis dans le tronc,*

*44 car tous ont pris de leur superflu pour mettre dans le tronc, tandis qu'elle, elle a mis de son nécessaire, tout ce qu'elle possédait, tout ce qu'elle avait pour vivre.»*